


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny tenako dia ho an’ny Tompo

Ny rantsambatako, dia ny momba ny tenako, dia fitaovam-pahamarinana, natolotra an'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana Azy sy ho voninahiny.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> "Atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra." (Romana 6:13)

Atolotsika ho an'Andriamanitra ny mombantsika ary milaza hoe: "Andriamanitra ô, lanao no mampiasa azy." Avy eo, tsy maintsy mitazona ny tempoly ho masina ihany koa isika. Nanoratra toy izao i Paoly:

> "Fa ny tena kosa dia tsy ho an'ny fijangajangana, fa ho an'ny Tompo; ary ny Tompo ho an'ny tena " (1 Korintiana 6:13)

Antsoina hoe “firaisana alohan’ny fanambadiana” ny fahalotoam-pitondrantena ankehitriny. Nefa Andriamanitra dia tsy nanova ny Fanombanany momba izany fahotana izany. Tsy natao ho an’ny firaisana alohan'ny fanambadiana ny tena; ny tena dia ho an’ny Tompo. Ary avy eo, “ny Tompo [dia] ho an’ny tena” koa. Tsy mahafinaritra ve izany? Raha manolotra ny tenantsika ho an’ny Tompo isika, dia ny Tompo no momba ny tenantsika.

I Paoly dia lehilahy tety an-tany izay niresaka tamin'ny olona momba ny zavatra tena nahakasika azy ireo. Notohizany hoe:

> “Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany” (andininy 18)

Olona maro no mandika an'io andalan-tsoratra masina io ho fampitandremana momba ny aretina azo avy amin'ny firaisana, toy ny VIH, gonorrhea, na sifilisy. Mety ho vokatry ny fahalotoam-pitondrantena ara-nofo izany, kanefa ny

© 2008 - Dries Du Plessis

fampianaran’i Paoly dia midika mihoatra noho izany. Mampidi-doza ny fahasalaman’ny tenantsika isika rehefa manao karazana fahalotoam-pitondrantena. Im-betsaka rehefa mitady fanasitranana ny Kristiana nefa tsy mahazo izany, dia ny fahalotoam-pitondrantena no fototry ny olana. Amin’ny ankabeazan’ny toe-javatra, dia takian’Andriamanitra ny handehanantsika any amin’ny fotony, hibebaka amin’izany, ary hanitsy izany alohan’ny hahazoantsika fanasitranana avy Aminy.

Misaotra Anao, Jesosy ô , noho ny amin’ny Fandresenao teo amin’ny hazo fijaliana. Atolotro ho an’ny Tompo ny tenako, ka manambara fa ny momba ny tenako, ny rantsam-batako, dia fitaovan’ny fahamarinana, milefitra ho an’Andriamanitra ho amin’ny Andraikiny sy ho Voninahiny, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-070-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

